
# ALAHADY TRINITE MASINA – TAONA B 2024



***« Koa mandehana ianareo, mampianara ny firenena rehetra, manaova Batemy azy amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina » (Mt. 28: 19)***

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo niara-nankalaza ny Pantekôty isika. Amin'izao andro sarotra sy tena mavesatra izao no nankalazantsika ny Pantekoty. Araka ny averimberintsika dia tena maniry Pantekoty vaovao mihitsy isika. Maniry "depart vaovao", fiaingana vaovao hanampy antsika hiroso amin'ny fankalazana ny KEN 2024 isika ka tsy ho teny faneva fotsiny fa TENA HIAINANA NY HOE FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MPIRAY TAMPO ISIKA KA" MIFAMPITSIMBINA, MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA… Tanteraka amin'izay ny hiaka, ny antso vonjy nataon'I Papa ao amin'ny Ansikilika FRATELLI TUTTi, ho OLO ARAIKY ISIKA JIABY zary FIANAKAVIAN-JANAHARY, FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA. Tsy izany tokoa ve no niseho tamin'ny Pantekoty voalohany tao Jerosalema?

**Vakiteny I :** Det. 4, 32-34. 39-40
**Tononkira :** Salamo 32
**Vakiteny II :** Rôm. 8, 14-17
**Evanjely :** Mt. 26, 16-20

Zavatra maromaro no nasongadintsika tamin'ny fankalazana ny Pantekoty niaraka tamin'ireo voatokana tany Antalaha. Isaorana Andriamanitra. Araka ny voalazantsika dia maro ny fomba hahafantarana fa eo anivontsika ny Fanahy Masina. Tsy inona fa ny Fanahy Masina mampiombona mandrakariva, matoa misy fisarahana, fanilikilihana eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, eo anivon'ny fianakaviana, eo anivon'ny eglizy fototra na eglizy fiombonana na eglizy iraka na eo amin'ny communauté-na pretra na communauten-

dRelijiozy dia manambara fa tsy ny Fanahy Masina no manentana antsika fa ny saim-pantatsika. Mitaky fibebahana izany, mitaky fiovam-penitra mahery vaika mitondra amin'ny depart vavao amin'ny Pantekoty vaovao.

Tsara koa manipika fa ny Pantekôty dia tsy mahatonga isika hikombona fa tsy maintsy maniraka antsika mandrakariva hitondra sy hanambara ny Vaovao mahafaly, hizara ny hafalian'ny Paka, hizara ny fandresen'i Kristy ny fahafatesana eo anivon'ny mpiara-belona. Ny Pantekoty mahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA HAMAFY FIHAVANANA SY FIADANANA.

Amin'izao Alahady manaraka ny Pantekôty izao dia antsoin'ny Eglizy hisondrotra lavidavitra kokoa isika dia ny hibanjina ny Trinite Masina (Ray, Zanaka, Fanahy Masina) fototry sy loharano ny FRATELLI TUTTI. Izy no modely faran-tampony, Izy no loharano nipoiran'ny fianakaviana, ao no manova ny tena FIHAVANANA MARINA. Ny lahatr'Andriamanitra tamin'ny voalohany dia ny ho fianakaviana iray ao Aminy isika ka tsy mahagaga raha apetrak'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ho modely amin'ny fiainana rehetra ny fifankatiavana, ny fiombonana, ny firaisan'ny Trinite Masina Ray, Zanaka, Fanahy masina. Samihafa izy ireo fa mitovy tanteraka, miray tanteraka, Andriamanitra tokana fa olona telo. Izany koa no modely ho antsika, maro samihafa isika, maro sampantsampana ny fiainantsika olombelona fa antsoin'Andriamanitra ho OLO ARAIKY, ho iray fianakaviana Aminy isika araky ny taratasy ansiklika nosoratan'i Papa farany teo : FRATELLI TUTTI. Tanteraka io maha OLO ARAIKY ANTSIKA JIABY io ao anatin'ny fahasamihafana nefa noho ny fahafoizana sy fanompoana ary fivelomana ny fahamarinana sy ny fifanajana ny mahaizy aza ny tsirairay dia afaka mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikatsaka ny soa iombonana. Vokatr'izany dia miombona ao anatin'ny fiadanana marina. Io ilay lazain'ny Tena Faneva ny KEN 2024.

Ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amintsika androany dia mampianatra antsika fa Andriamanitra tsy lavitra no Andriamanintsika fa eo anivontsika ary mikolokolo sy mikarakara antsika. Andriamanitra Ray be fitiavana sy miantso antsika hiombona Aminy. Andriamanitra irery, ny Tompo irery no Andriamanitra any ambony ary tsy misy hafa fa Andriamanitra tokana olona telo Trinité Masina.

Na dia izany aza dia Andriamanitra mikarakara antsika Izy, manome toro-làlana antsika ka ny adidintsika dia ny manatanteraka ny sitrapony. Manaraka ireo làlana atorony antsika, manaraka sy manatanteraka ny sitrapony, izay no mahasoa antsika. Raha isika manatanteraka an'izany dia manambara fa zanak'Andriamanitra isika, izany no maha fianakavian'Andriamanitra antsika na maha-vahoakan'andriamanitra antsika, izany no anorenantsika ny fiainantsika ka mahatonga antsika ho Eglizy Olona Velona.

Voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa fa isika vita batemy dia nandray ny Fanahin'Andriamanitra, tonga zanak'Andriamanitra, tsy Andriamanitra lavitra Izy fa Andriamanitra Trinite masina ka tafiditra ao anatin'izany isika ka afaka miantso an'Andriamanitra hoe" Aba Ray". Mahafantatra antsika sy be ftiavana ary famindram-po Izy

Raintsika. Ny tadiaviny dia isika hiombona Aminy sy hamboraka Aminy ny fiainantsika, ny hetahetam-pontsika. Io ilay vavaka nampianarin'i Kristy antsika izay averimberintsika manambara fa Raintsika tokoa Izy ary tsy lavitra antsika. Ray mikarakara antsika ihany koa ka antsointsika hoe Rainay any an-danitra.

Ny Evanjely androany manamafy fa tsy Andriamanitra mikombona ny Andriamanitra Trinite masina, raha vao nanota isika dia tsy lavitra antsika Izy fa nikarakara antsika. Niantso ireo mpaminany, niantso ireo mpanjaka tamin'ny vahoaka Jody mba hikarakara an'izany vahoaka izany, hanomana indrindra ny fahatongavan'ny zanany dia i Kristy, Izy izay manambara ny tsiambaratelo tsy ho takatry ny saintsika mikasika ny Trinite masina. Tonga teto anivontsika Izy, nandray ny Fanahy Masina isika rehefa tanteraka soa aman-tsara ny famonjena. Isika miombona Aminy no famonjena, isika mihavana Aminy, ilay fampihavanana tanteraka teo amin'ny fanolorany ny tenany. Isika koa no Kristy mpiara-belona amin'olona araky ny fampianarana azontsika ka izany no entintsika manorina ny Eglizy Tranon'Andriamanitra sy ny Eglizy Olona Velona. Tsy amin'ny anaran'ny herisetra, na fanapotehana, na fanilikilihana fa kosa fiantsoana ny olona rehetra mba ho zanak'Andriamanitra, izany no antitranterin'ny Evanjely raha maniraka ireo mpianatra i Jesoa hanao batemy. Amin'ny alalan'ny fihavanana, ilay fihavanana sady kristianina no Malagasy no entintsika hanorina indray ny Tranobe Iombonana.

Tsy tafika hampandry tany sanatria ny fanirahana nataony tamin'ireo Apôstôly fa fanorenana ny fianakavian'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanaovana batemy, sakramenta hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Tsy ny herintsika no anatanterahana an'izany araky ny nolazain'i Kristy ao amin'ny evanjely "Indro aho eo aminareo mandrakariva mandrapahatongan'izao tontolo izao".

Ny maha génération de bâtisseur antsika, ny MAHA EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA dia ny mitondra ny Vaovao mahafaly miaraka amin'i Kristy ary izany no mahatonga antsika milaza fa zary KRISTY MPIARA-BELONA AMIN'NY OLONA ISIKA izany hoe isika no Kristy ho an'ny olona amin'izao. Isika no KRISTY MPAMPIHAVANA. Io no entintsika sy mitondra antsika manorina ny FRATELLI TUTTI, ny fianakaviamben'Andriamanitra… Manana anjara toeran'ny lehibe ny "fihavanana évangélisé", fihavanana voadio araka ny voalazantsika. Izany no fanorenana tena izy anatin'ny fampihavanana, anatin'ny fifankatiavana ary anatin'ny fankatoavana tanteraka satria izany ny finoana. Io no antony hanaovana batemy. Ny finoana no maha voavonjy, ny finoana dia fanekena fa i Jesoa no mpanavotra, ny Fanahy Masina no maniraka antsika manambara an'izany. Ao amin'Andriamanitra Ray no hahazoantsika ny tena hasambarana. Izany no antenaintsika amin'izao fankalazana manetriketrika ny Trinite Masina izao ka ny Fanahy naniraka ny Apôstôly koa anie haniraka antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, mankalaza ny Trinite Masina fiombonan'ny Ray Zanaka sy Fanahy Masina izahay ankehitriny. Marina raha amin'ny sainay olombelona dia tsy takatray izany mistery izany. Nefa napetrak'Andriamanitra ho loharano sy fototra ny maha OLO ARAIKY ANAY ZANAK'ANDRIAMANITRA JIABY izany, FRATELLI TUTTI, Mpiray Tampo izahay jiaby. Enga anie

mba ho iray Fo izahay ka ho lavitra anay ny fizarazarana, ho fianakaviana iray ao Aminao izahay, ho oloaraiky ao Aminao ka hampanjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy ny hitsiny izay hitondra anay hitady mandrakariva ny soa iombonana ka amin'izay afaka hankalaza Anao mandrakariva eo amin'ny fiainanay andavanandro satria ny mahalala Anao Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina no tena fiadanana. Koa enga anie hanjaka amin'ny tananànay sy ny firenenay ary eo anivon'ny Eglizy ny Trinite masina ka hanome voninahitra azy mandrakariva izahay amin'ny ataonay rehetra, ho entinay hanorenana ny Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona. Ampio izahay amin'izao ady sy dia atrehinay izao. Enga anie ny fiombonana sy ny firaisan-kinahoentinay hanapotika an'ity KRIZY ity. AMPIO IZAHAY MIANAKAVY HIROSO HANKALAZA NY KEN 2024 KA HANDRAY NY FAHASOAVANA MITAFOTAFO AVY AMIN'IZANY DIA NY FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY. Masina Maria Reny aza mandao anay amin'izao areti-mandoza atrehinay izao. Md Josefa Ray Mpiaro an'izao tontolo izao arovy izay tsy rendrik'ity loza mitady hanapotika anay ity. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson